Sampana Anarahamaso ny Fifidianana,
Ivon'ny Demokrasia Ifarimbonana

ANJA Madagascar

Ity tetikasa ity dia tohanan'ny
Vondrona Eoropeana

# TOROLALANA

## Mikasika ny fifanolanana ara-pifidianana

## FIFIDIANANA KAOMINALY

Novambra 2019

Ny Ivotoerana SAFIDY sy ny ANJA no hany tompon'andraikitra feno amin'ny votoatin'izao famokarana izao, ary tsy azo itarafana velively ny fomba fijerin'ny vondrona Eropeana.

Ny Ivotoerana SAFIDY dia arindran'ny hetsika ROHY ary tontosain'ny

# FIZAHAN-TAKELAKA

| | |
|---|---|
| Fanafoizan-teny | 3 |
| Kisary | 3 |
| Fàfana | 3 |
| **1 FAMPIDIRANA** | 4 |
| **2 NY TSARA HO FANTATRA** | 5 |
| **2.1 Fotokevi-dehibe** | 5 |
| 2.1.1 Ny fahamarinan'ny latsabato | 5 |
| 2.1.2 Ny fampiharana tanteraka ny rijan-dalàna mifehy ny fifidianana | 7 |
| **2.2 Ireo fahefan'ny mpitsara misahana ny fifidianana** | 8 |
| **2.3 Inona avy ireo karazana fifandirana?** | 8 |
| **3 NY ANDRAIKITRY NY FITSARANA MISAHANA NY ADY IFANAOVANA AMIN'NY FANJAKANA** | 9 |
| **3.1 Inona avy ireo fepetra hahazoana mandray ny taratasy famakian'ady?** | 9 |
| 3.1.1 Iza avy ireo mahazo mitory? | 10 |
| 3.1.2 Manao ahoana ny endriky ny fitoriana ? | 10 |
| 3.1.3 Aiza no tokony hapetraka ny fitoriana? | 11 |
| 3.1.4 Oviana no afaka mametraka ny taratasy famakian'ady? | 11 |
| 3.1.5 Inona avy no afaka angatahana amin'ny mpitsara ? | 12 |
| **3.2 Ny momba ny votoatin-draharaha** | 12 |
| **3.3 Araka ny LF 2018-008, inona avy ireo fandikan-dalàna mety hitranga mandritra ny raharaham-pifidianana?** | 13 |
| **4 FILANKEVIM-PANJAKANA, MPITSARA FANGATAHANA FANDRAVANA** | 14 |
| **4.1 Iza avy no mahazo mangataka fandravana ?** | 16 |
| **4.2 Inona avy ireo didy azo angatahana fandravana ?** | 16 |
| **4.3 Inona avy ireo fepetra ahazoana mandray ny raharaha? (azo raisina)** | 17 |
| **5 NY FIFANOLANANA ADY HELOKA** | 19 |
| **5.1 Iza avy no afaka mitory ireo heloka ireo ?** | 20 |
| Tovana | 21 |
| **Tovana 1** Rijanteny mifehy ny fifidianana | 21 |
| **Tovana 2** Karazana fifandirana | 22 |
| **Tovana 3** Modely taratasy famakiana ady | 23 |
| **Tovana 4** Modely fangatahana fandravana didy | 24 |
| **Tovana 5** Fandikàn-dalàna ara-pifidianana sy sazy | 25 |
| **Tovana 6** Teny sarotra | 28 |
| **Tovana 7** Fomba fifidianana | 29 |
| **Tovana 8** Ireo fitsipika ankapobe mifehy ny fampielezan-kevitra | 30 |

| Fanafoizan-teny | |
|---|---|
| **ANJA** | **Association Nationale pour la Justice Administrative** |
| **BV** | **Bureau de Vote** |
| **CE** | **Conseil d'Etat** |
| **CEC** | **Commission Electorale Communale** |
| **CED** | **Commission Electorale District** |
| **CENI** | **Commission Electorale Nationale Indépendante** |
| **CEP** | **Commission Electorale Provinciale** |
| **CER** | **Commission Electorale Régionale** |
| **LORGER** | **Loi Organique sur le Régime Général des Elections et des Référendums** |
| **LRAR** | **Lettre Recommandée avec Accusé de Réception** |
| **PV** | **Procès-Verbal** |
| **Réf** | **Référence** |
| SAFIDY | Sampana Anaraha-maso ny Fifidianana Ivotoeran'ny Demokrasia Ifarimbonana |
| SRMV | Section de Recensement Matériels des Votes |
| TA | Tribunal Administratif |
| TPI | Tribunal de Première Instance |

Kisary


| | | |
|---|---|---|
| **Kisary 1** | **Kisarin'ny fandravana didy** | **15** |


Fàfana


| | | |
|---|---|---|
| **Fàfana 1** | **Fe-potoana fitoriana** | **11** |
| **Fàfana 2** | **Karazana fifandirana** | **22** |
| **Fàfana 3** | **Fandikan-dalàna ara-pifidianana sy sazy** | **27-29** |

# 1 Fampidirana

Araka ny voalazan'ny andininy faha 5 amin'ny Lalàmpanorenana malagasy dia masimandidy ny vahoaka izay ipoiran'ny fahefana rehetra. Manamarika izany ny fahafahany mifidy ny solotenany amin'ny alàlan'ny fifidianana.

Sady zo fototra no fomba ahafahan'ny olom-pirenena mandray anjara amin'ny raharaha politika ny zo hifidy. Antoky ny fisian'ny demokrasia izany. Ny rafitra demokratika dia miantoka sy miaro ny zo fototra amin'ny alalan'ny zo hitory.

Ity torolàlana ity, izay vokatry ny asa nataon'ny fiarahamonim-pirenena sy ny rafim-pitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana, dia natao hanampy ny olom-pirenena amin'ny fisitrahany ny zony hitory amin'ny fanomezana azy ireo ny fahalalàna ilainy manoloana ny fitsarana momba ny fifidianana.

Sarotra ny paikady tsy maintsy arahina amin'ny fifandirana ara-pifidianana. Hanampy ny olom-pirenena hiatrika ny fifidianana kaominaly ity boky ity. Ny tanjona dia ny hisian'ny fifidianana eken'ny daholobe, izay antoky ny filaminana sy ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra.

Inona no atao hoe fifandirana ara-pifidianana ? Ahoana ny fomba fametrahana fitoriana manoloana ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana (Tribunal administratif – TA) sy ny Filankevim-panjakana (Conseil d'Etat – CE)? Inona avy ireo paikady tsy maintsy arahina? Ahoana ny mahakasika ireo fandikàn-dalàna ara-keloka? Ny valin'ireo fanontaniana ireo no ampahafantarina ato anatin'ity torolàlana ity.

# 2 NY TSARA HO FANTATRA

## 2.1 Fotokevi-dehibe

Fotokevi-dehibe roa no mifehy ny fifandirana ara- pifidianana : ny fahamarinan'ny latsabato sy ny fampiharana tanteraka ny rijanteny mifehy azy.

### 2.1.1 Ny fahamarinan'ny latsabato

Araka io fitsipika io dia tokony hita taratra amin'ny voka-pifidianana ny tena safidy marina nataon'ny olom-pirenena.

Ireto avy no miantoka izany :

- **Ny fitovian'ny herijika eo amin'ny mpilatsa-kofidiana**

**Ohatra :** Nodidian'ny TA ny hamerenana ny fifidianana tao amin'ny kaominina iray satria tsy tafiditra tao amin'ny bileta tokana natontan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) ny kandida iray. Nihevitra ny Fitsarana fa nitarika tsy fitoviana teo amin'ny mpifaninana izany.

- **Ny fahalalahan'ny safidy**

**Ohatra :** Nofoanan'ny TA ny vato azon'ny kandidà iray satria voaporofo fa maro ireo mpiasam-panjakana nampiasa fahefana sy fitaovam-panjakana mba hampahalany azy.


### Ny tsiambaratelon'ny latsa-bato

**Ohatra :** nofoanan'ny TA ny voka-pifidiana tao amin'ny kaominina iray satria tsy nisy efitrano fisainana tao anatin'ny birao fandatsaham-bato. Nihevitra ny fitsarana fa toy ny natao ampahibemaso ny latsabato ka tsy voahaja ny tsiambaratelon'ny latsa-bato

### Ny toe-javatra mitarika ny fiovan'ny safidim-bahoaka sy voka-pifidianana

Tsy manafoana ny voka-pifidianana (vato azon'ny mpilatsa-kofidiana iray na maromaro, biraom-pifidianana iray na maromaro, anatina fari-pifidianana iray) ny mpitsara raha tsy hitany fa nisy vokany mivantana sy mari-pototra ka nandiso ny safidim-bahoaka sy ny voka-pifidianana ny fandikan-dalàna iray.

**Ohatra :** Nofoanan'ny TA ny voka-pifidianana tao amin'ny kaominina D satria hita fototra fa nisy tokoa ny baiko midina an-taratasy sy fandrahonana fandoavana omby valo isan'olona nataon'ny olobe teo an-tanàna, raha toa ka lany ny kandidà B. Rehefa naverina ny fifidianana tao amin'io kaominina io, ka tsy afaka nanao fandrahonana intsony ireo olobe, dia lany ny kandidà B.



### 2.1.2 Ny fampiharana tanteraka ny rijan-dalàna mifehy ny fifidianana

**Ireto avy ireo rijanteny mihatra amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina:**

- Lalàna fehizoro lf. 2018-008 tamin'ny 10 aprily 2018 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- Lalàna 2014-020 tamin'ny 20 aogositra 2014 nahitsin'ny lalàna lf. 2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015 sy lf. 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitri'izy ireo;
- Didim-panjakana lf. 2019-1541 tamin'ny 14 aogositra 2019 izay mamaritra ireo fombafomba fandaminana ny fifidianana kaominaly sy monisipaly.

**Tsy maintsy ampiharina tanteraka ny fepetra ahazoana mandray ny raharaha, izany hoe tsy azo raisina avy hatrany ny fangatahana tsy manaja ny voalazan'ny lalàna.**



**Ohatra :**

- Tsy miverina manokatra ny fe-potoana fametrahana fitoriana ny fitondrana ny raharaha eny amin'ny Fitsarana tsy mahefa ;
- Tsy mihatra ny fe-potoana fanampiny noho ny halaviran-toerana ;
- Ny fangatahana fandravana didy ihany no azo anakianana didim-pitsarana.

Na izany aza dia mandefitra ihany ny mpitsara raha toa ka azo arenina ny tsy fahatomombanana. Ohatra: taratasy fanamarinana.

## 2.2 Ireo fahefan'ny mpitsara misahana ny fifidianana

Mandinika ireo antontan-taratasy mahakasika fifidianana tonga eo anatrehany avy hatrany ny mpitsara, na tsy misy fitoriana aza.

**Arakaraka ny fandikàn-dalàna hitany, dia afaka izy:**

- Manitsy ny voka-pifidianana aorian'ny fahitana tsy fahatomombananana na fanisana indray ny vato;
- Manafoana tanteraka na amin'ny ampahany ireo vato azon'ny kandidà iray;
- Manafoana ny vokatra ao anaty birao-pifidianana na fari-pifidianana iray;
- Mandidy ny hamerenana fifidianana vaovao.

## 2.3 Inona avy ireo karazana fifandirana?

Arakaraka ny sokajina fifandirana no hamaritana ny Fitsarana mahefa:

| FIFANDIRANA | FITSARANA MAHEFA |
|---|---|
| Lisi-pifidianana.<br>*Oh : Tsy ao anatin'ny lisi-pifidianana ny anarana.* | TPI |
| Filatsahan-kofidiana<br>*Oh : Misy kandidà iray mitsipaka  ny fandàvana ny filatsahan-kofidiany.* | TA |
| Raharaham-pifidianana<br>*Oh : Fitorohana fandikan-dalàna nandritra ny fampielezan-kevitra* | TA |
| Voka-pifidianana<br>*Oh : Fanoherana ny voka-pifidianana vonjimaika navoakan'ny CENI* | TA |
| Ady heloka<br>*Oh :  Jereo ny takelaka 19* | TPI |

**Azo angatahana fandravana eo anivon'ny Filankevim-panjakana (CE) avokoa ny didim-pitsarana navoakan'ny TA**



Ny paikady dia :

- **An-tsoratra :** ny tranga, ny tohan-kevitra, ny fangatahana dia soratana ao anatin'ny taratasy famakian'ady avokoa ; ny fanamarihana ambava amin'ny fotoam-pitsarana dia fanampim-panazavana fotsiny ihany ary tsy maintsy ahazoana alàlana mialoha[1];
- **Maimaim-poana :** tsy handoavana hajia sy haba.

# 3 Ny andraikitry ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana

Mahefa mitsara ireo fifandirana mahakasika ny fifidianana isam-paritra ny TA araka ny andininy 200 ao amin'ny **Lalàna fehizoro lf. 2018-008.**

## 3.1 Inona avy ireo fepetra hahazoana mandray ny taratasy famakian'ady?

Mialoha ny hametrahana ny taratasy famakian'ady (fitoriana) dia tokony ho fantatry ny mpitory ny mahakasika :






[1] *Andininy 201 LF 2018-008*

### 3.1.1 Iza avy ireo mahazo mitory?

Voafaritry ny andininy 202 ao amin'ny LF 2018-008 ireo olona afaka mitory ka ireto avy izany

- Ny mpifidy nandray anjara marina tamin'ny fifidianana. Tsy afaka mitory afa-tsy ireo fandikàn-dalàna nisy tao amin'ny fari-piadidiana nifidianany izy;
- Ny kandidà;
- Ny delegen'ny kandidà na lisitry ny kandidà;
- Ny mpisolo tena ny kandidà na ny lisitry ny kandidà;
- Ny mpanara-maso ny fifidianana eto an-toerana nahazo alàlana avy amin'ny CENI, eo anivon'ireo biraom-pifidianana rehetra nanirahana azy ihany;
- Ny CENI.

### 3.1.2 Manao ahoana ny endriky ny fitoriana ?

Ny taratasy famakian'ady dia :

- Atao an-tsoratra;
- Atao dika mitovy miisa telo[2] ;
- Mirakitra ny anaran'ny mpitory, ny adiresy, ny dika mitovy voamarina ny kara-pifidianany, na ny singan-taratasy mahasolo azy;
- Misy ny antom-pangatahana, ny tranga niseho, ny tohan-kevitra miainga amin'ny lalàna;

Raha misy olona maromaro miara-manao fitoriana dia tokony hanendry olona iray hisolo tena azy ireo eo anatrehan'ny fitsarana[3]. Atao an-tsoratra izany fanendrena izany.



[2] Dika roa mitovy no takian'ny andininy 204 amin'ny LF 2018-008. Mba hanafainganana ny fandinihana ny raharaha dia tsara raha 3 ny dika mitovy apetraka.

[3] Andininy 16 ao amin'ny lalàna 2001-025 tamin'ny 21 desambra 2019 momba ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana

### 3.1.3 Aiza no tokony hapetraka ny fitoriana?

Araka ny andininy 203 ao amin'ny LF 2018-008, ny fitoriana famakian'ady dia azo apetraka :

• mivantana ao amin'ny firaketan-draharahan'ny TA na alefa atao taratasy tsy very mandeha;

• mivantana na amin'ny alalan'ny taratasy fanerena avy amin'ny vaditany ao amin'ny firaketan-draharahan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany (TPI). Ny firaketan-draharaha dia mandefa ny fitoriana amin'ny fomba haingana indrindra any amin'ny TA ;

• ao amin'ny CENI.

Ho an'ireo toerana lavitra :

• Eo anivon'ny delegen'ny boriboritany izay mandefa ny fitoriana haingana any amin'ny TA;

• Any amin'ny iray amin'ireo rantsa-mangaikan'ny CENI (CEP, CER, CED, CEC)

### 3.1.4 Oviana no afaka mametraka ny taratasy famakian'ady?

| Karazana fifandirana | Fotoana fitoriana |
|---|---|
| Filatsahan-kofidiana | 48 ora aorian'ny fandavan'ny CENI ny filatsahan-ko fidiana |
| Fitoriana ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fizotry ny fifidianana ( fampielezan-kevitra sy fandatsaham-bato) | Ny ampitson'ny andro fifidianana hatramin'ny fampahafantarana ny voka-pifidianana vonjimaika ataon'ny CENI |
| Voka-pifidianana vonjimaika | Ny ampitson'ny fampahafantarana ny voka-pifidianana vonjimaika hatramin'ny andro alohan'ny famoahana ny vokam-pifidianana ofisialy |

Fàfana 1: Fe-potoana fitoriana

### 3.1.5 Inona avy no afaka angatahina amin'ny mpitsara ?

Azo angatahina anaty fitoriana avokoa:


- Ny fanafoanana amin'ny ampahany na manontolo ireo vato azon'ny kandidà iray noho ny tsy fanarahan-dalàna;
- Ny fanafoanana ny vokam-pifidianana tao amin'ny biraom-pifidianana iray na maromaro na fari-pifidianana iray;
- Ny handidiana ny famerenana fifidianana vaovao;
- Ny fanalàna an-daharana kandidà tsy ho isan'ny hofidiana

## 3.2 Ny momba ny votoatin-draharaha

Tsy maintsy arahina porofo sy taratasy fanamarinana izay rehetra lazain'ny mpitory ary ampiarahana amin'ny taratasy famakian'ady ireo.

Mety ho ireto avy izany:

- Taratasy notoavina na ara-panjakana;
- Fijoroana vavolombelona an-tsoratra nosoniavin'ny olona roa na maromaro nanatrika;
- Fitanana an-tsoratry ny vadin-tany;
- Horonan-tsarimihetsika voamarina;
- Izay karazana porofo hafa heverina fa mafonja.



## 3.3 Araka ny LF 2018-008, inona avy ireo fandikan-dalàna mety hitranga mandritra ny raharaham-pifidianana?

| | | |
|---|---|---|
| A | **Fandikàn-dalàna mifandraika amin'ny lisi-pifidianana:** | Tsy famaranana ny lisitra, tsy fanamarihan-tsonia nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana (and. 38 andalana.6) ;<br>Fanovanana ny lisi-pifidianana tsy nohamarinina ara-taratasy<br>Fametrahana sonia nataon'ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato tamin'ny toerana tokony hisy ny sonian'ny mpifidy tonga nandatsa-bato; |
| B | **Fandikan-dalàna mahakasika ny fampielezan-kevitra (and. 63)** | Fampiasana ny fahefam-panjakana ;<br>Fampiasana fitaovana sy fananam-panjakana. |
| D | **Fandikàn-dalàna mety ho hita amin'ny fizotry ny raharaham-pifidianana** | mpifidy nahazo alàlana handatsa-bato nefa nanamarika ny safidiny ampahibemaso (and.148) ;<br>fanerena ataon'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana amin'ny mpifidy mba handatsa-bato ho an'ny kandidà na lisitra mpilatsa-kofidiana (and. 231) ;<br>tsy fahatongavan'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana amin'ny fotoana fandatsaham-bato (and. 130) ; mpikambana amin'ny biraom-pifidianana tsy mahay mamaky teny sy manoratra (and. 126 sy 177 andalana farany) ; mpikambana amin'ny biraom-pifidianana, mpilatsa-kofidiana (and. 128), vaomiera mpanohana safidy na mpilatsa-kofidiana na lisitry ny mpilatsa-kofidiana navelan'ny biraom-pifidianana hanao fampielezan-kevitra manodidina ny biraom-pifidianana amin'ny andro fandatsaham-bato (and. 227),<br>fanakatonana ny biraom-pifidianana mialoha ny fotoana ara-dalàna hanaovana izany (and.147) |
| E | **Fandikan-dalàna mifandraika amin'ny raharaha fanisam-bato** | fanisam-bato natao tamin'ny toerana ivelan'ny biraom-pifidianana,<br>fitanana an-tsoratra natao tany amin'ny toerana ivelan'ny biraom-pifidianana (and.176) |
| F | Fandikàn-dalàna mahakasika ny antontan-taratasim-pifidianana | fitanana an-tsoratra amin'ny taratasy hafa ankoatra ny efa nomen'ny CENI (and. 177),<br>antontan-taratasim-pifidianana ahitana tsy fitoviana miharihary na tsy afaka ampiasaina noho ny fahasimbàna,<br>fitanana an-tsoratra tsy nosoniavin'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana,<br>taratasy fanamarinana fanisam-bato tsy feno (and. 170),<br>fitànana an-tsoratra tsy misy isa na tsy mirakitra ny vokatra, (and. 54),<br>fandroahana ny solontenan'ny mpilatsa-kofidiana mialoha ny famenoana ny fitanana an-tsoratra (and. 136) |
| G | Tsy fahatomombanana hafa | vata fandatsaham-bato nafindra amin'ny toeran-kafa ivelan'ny biraom-pifidianana<br>tsy fisiana efitrano fisainana tamin'ny fotoana fandatsaham-bato, vata misy hidiny tokana (and. 154 hatramin'ny farany) |

# 4 Filankevim-panjakana, mpitsara fangatahana fandravana

Ny Filankevim-panjakana no mitsara ny fangatahana fandravana ny didim-pitsarana navoakan'ny TA. Ireo fandikan-dalàna hita soritra sy voasoratra ka kianina ao anatin'ny didy ihany no jereny amin'izany.

Ny fangatahana fandravana ihany no ahafahana manafoana didy iray amin'ny fifandirana ara-pifidianana.


## Ny endriky ny fangatahana fandravana



- Enti-manohitra didim-pitsarana ny fangatahana fandravana. Ireo anton'ny didy navoakan'ny TA no kianin'ny mpitory amin'izany ka tsy tokony hianina amin'ny famerenana fotsiny izay efa voalazany manoloana ny TA izy.
- Tsy mampihantona ny fampiharana ny didy navoakan'ny TA ny fangatahana fandravana[4].



[4] *Andininy faha 212 LF 2018-008*




**KISARY 1 : KISARIN'NY FANDRAVANA DIDY**

## 4.1 Iza avy no mahazo mangataka fandravana ?

Ireo olona tsy afa-po amin'ny didy navoakan'ny TA[5].

## 4.2 Inona avy ireo didy azo angatahana fandravana ?

- Didim-pitsarana noho ny fitoriana[6] (fitsipahana filatsahan-kofidiana, fanakianana raharaham-pifidianana hafa) ;
- Didim-pitsarana fanambarana voka-pifidianana ;
- Didim- pitsarana filazana fanonganana
- Didim-pitsarana filazana fahabangan-toerana sy fanoloana ny voafidy.

| Karazana didim-pitsarana | Fe potoana | Andinin-dalàna |
|---|---|---|
| Ny didim-pitsarana nivoaka tamin'ny filatsahan-kofidiana | Folo andro aorian'ny namoahan'ny TA ny didy. | And.210 amin'ny LF 2018-008 |
| Didim-pitsarana hanambarana ny voka-pifidianana | Folo andro aorian'ny namoahana ny voka-pifidianana[7] | |
| Didim-pitsarana manala andaharana kandida | Telo andro manomboka ny fampahafantarana didim-pitsarana manala andaharana kandida | And.210 amin'ny LF 2018-008 |
| **Didim-pitsarana manambara fanonganana olom-boafidy** | 10 andro raha tao anatin'ny fe-potoana nandinihana ireo fifanolanana ara-pifidianana | and.212 amin'ny LF 2018-008 |
| **Didim-pitsarana manambara fahabangan-toerana** | Tsy misy fe-potoana | And.107 sy manaraka amin'ny lf-2014-020 |



[5]Article 212 de la loi n° 2018-008
[6]Andininy 302 LF 2014-020

## 4.3 Inona avy ireo fepetra ahazoana mandray ny raharaha? (azo raisina)

Aorian'ny fivoahan'ny didy, ny mpitory tsy afa-po amin'izany dia tsy maintsy mametraka fanambarana hangataka fandravana ao anatin'ny fotoana voalazan'ny lalàna, eo anivon'ny firaketan-draharahan'ny TA. Alefan'ity farany any amin'ny firaketan-draharahan'ny CE ny dosie iray manontolo.

Vantany vao mandray ny taratasy fampahafantarana ny didy ny mpitory, dia afaka mahita ireo antony nandraisan'ny TA izany. Afaka mandrafitra ny taratasy fangatahany fandravana izy avy eo.

Tokony ho hita ao anatin'ny taratasy fangatahana fandravana didy, izay atao dika telo mitovy ireto :

- Anarana sy adiresin'ny mpiady
- Anarana sy laharan'ny didim-pitsarana kianina
- Tohan-kevitra araka ny lalàna sy fehinteny

**Ny fanambarana fangatahana fandravana didim-pitsarana sy ny fitoriana fandravana dia samy hafa.**



Arahina taratasy fanamarinana fanampiny, raha misy, izay rehetra lazain'ny mpitory ary ampiarahina amin'ny taratasy famakian'ady ireo.

**Tsara ny manamafy fa ny didim-pitsarana navoakan'ny TA no kianina.**

### Fepetra momba ny votoatin-draharaha

Araka ny andininy 211 LF 2018-008, ny Filankevim-panjakana dia mitsara ny fandikan-dalàna hita amin'ny didim-pitsarana navoakan'ny TA,


Ireto avy ireo karazana fandikan-dalàna:

- ny fampiharana tsy marina na fandikana diso ny lalàna;
- tsy fanarahana ireo fepetra takiana mety hitarika fanafoanana;
- ny tsy fisiana, ny tsy fahampiana na ny fifanoheran'ny anton'ny didim-pitsarana;
- ny tsy famaliana ny fangatahana an-tsoratra.»

Ny mpitory hatrany no mandefa ireo taratasy ahafahana manaporofo izay rehetra lazainy.

Anisan'izany ireto:

- Taratasy notoavina na ara-panjakana;
- Fijoroana vavolombelona an-tsoratra nosoniavin'ny olona roa na maromaro nanatrika;
- Fitanana an-tsoratry ny vadin-tany;
- Horonan-tsarimihetsika voamarina;
- Izay karazana porofo hafa heverina fa mafonja.




## Inona avy no mety ho fanapahan-kevitry ny Fitsarana?

- Fandavana ny fangatahana fandravana
- Fanafoanana ny didim-pitsaran'ny TA ary fandinihana indray ny raharaha. Jereo ny pejy 14

# 5 Ny fifanolanana ady heloka

Ny fitsarana ambaratonga voalohany no mahefa mitsara ny ady heloka amin'ny fifidianana. Izy no manasazy ny fahadisoana mety hitondra fanakorontanana ny filaminam-bahoaka, ankoatra ny fiantraikan'izany amin'ny voka-pifidiana.



Ankoatra ireo didy navoakan'ny mpitsara fifidianana, ny fampanoavana dia afaka manenjika ireo tsy fanarahan-dalàna ara-keloka voalazan'ireo lalàna mikasika ny fifidianana.

Jeren'ny mpitsara misahana ny fifidianana raha misy fiantraikany mivantana amin'ny voka-pifidianana ny heloka iray rehefa sendra izany izy. Andraikiny ny mandefa ny dosie any amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany mahefa[9].

Ohatra vitsivitsy :

- Fividianana na fivarotana vato amin'ny androm-pifidianana manodidina ny birao fandatsaham-bato ;
- Ady, vono sy ratra, fanimbana fananam-bahoaka na an'olon-tsotra amin'ny androm-pifidianana[10]
- Fanalam-baraka (natao an-tsoratra, an-tsary, kabary tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra, …)

**Tsy mandidy onitra na famonjàna ny mpitsara ara-pifidianana.**



Ireto avy ny sokajin- keloka:

- Fandikàn-dalàna heverina ho halatra amin'ny fisitrahana ny zo hifidy ;
- Fandikàn-dalàna amin'ny fotoana fampielezan-kevitra ;
- Fandikàn-dalàna manohintohina ny fahamarinan'ny latsa-bato ;

Misy fàfana ho famintinana ireo fandikàn-dalàna ireo amin'ny tovan'ity torolalana ity.



[9] *Andininy 207 LF 2018-008*

[10] *Andininy 226 LF 2018-008*

## 5.1 Iza avy no afaka mitory ireo heloka ireo ?

- Ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana, ny Filankevim-panjakana (and. 207)
- Ireo lehiben'ny fitsarana, ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana sy ireo manampahefana ara-panjakana hafa (and. 238)
- Ny fampanoavana any amin'ny TPI
- Izay olona manana tombontsoa hitory

# 6 Tovana

## Tovana 1 : Rijanteny mifehy ny fifidianana

• Lalampanorenan'ny Repoblika faha-IV tamin'ny 11 desambra 2010 ;

• Lalàna fehizoro lf.2018-008 tamin'ny 11 mai 2018 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;

• Lalàna fehizoro lf.2004-036 tamin'ny 1 oktobra 2004 mametra ny fandaminana ny andraikitra, ny fomba fiasa ary ny paik'ady ampiharina eo anoloan'ny Fitsarana Tampony sy ireo Rantsana telo mandrafitra azy ;

• Lalàna lf.2015-020 tamin'ny 19 octobre 2015 momba ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI Lalàna lf.2014-020 tamin'ny 20 aogositra 2014 nahitsin'ny lalàna lf. 2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015 sy lf. 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitri'izy ireo;

• Lalàna lf.2001-025 tamin'ny 9 aprily 2003 mikasika ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana;

• Fehezan-dalàna famaizana malagasy;

• Didim-panjakana lf. 2019-1541 tamin'ny 14 aogositra 2019 izay mamaritra ireo fombafomba fandaminana ny fifidianana kaominaly sy monisipaly.

# Tovana 2 : KARAZANA FIFANDIRANA

<table>
<tr><th>Karazana fifandirana</th><th>Fe-potoana</th><th>Ireo afaka mitory</th><th>Ny Fitsarana mahefa</th><th>Anton'ny fangatahana</th></tr>
<tr><td>Lisi-pifidianana</td><td>15 andro feno raha fangatahana fanoratana anarana (and. 22 LF 2018-008)<br>5 andro feno raha fanoherana fanoratana anarana (and. 26 LF 2018-008) manomboka ny fampahafantarana ny fandavana fanitsiana ny lisi-pifidianana ataon'ny CLRE</td><td>Olom-pirenena feno 18 taona</td><td>TPI</td><td>Fanovàna ny lisi-pifidianana</td></tr>
<tr><td>Filatsahan-kofidiana</td><td>48 ora aorian'ny fampahafantarana ny fanapahan-kevitry ny CENI</td><td>Kandida na ny solotena nomeny fahefana</td><td>TA</td><td>Fanafoanana ny fandavana ny fandraketana ny filatsahan-kofidiana</td></tr>
<tr><td>Fitoriana ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fizotry ny fifidianana</td><td>Ampitson'ny fifidianana hatramin'ny fampahafantarana ny voka-pifidianana vonjimaika navoakan'ny CENI</td><td rowspan="2">Mpifidy voasoratra anarana ara-dalàna ao anatin'ny lisi-pifidianana sy nandray anjara tamin'ny fifidianana<br>Kandida na solotena nomeny fahefana<br>Mpanara-mason'ny fifidianana</td><td rowspan="2">TA</td><td rowspan="2">Fanafoanana amin'ny ampahany na manontolo ny vato azon'ny kandida tao amin'ny birao fandatsaham-bato iray na maromaro na ao anatin'ny fari-pifidianana<br>Fanafoanana ny voka-pifidianana ao amin'ny biraom-pifidianana voatondro manokana<br>Famerenana fifidianana ao anatina fari-pifidianana</td></tr>
<tr><td>Fanakianana voka-pifidianana</td><td>Ny ampitson'ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika hatramin'ny andro iray mialohan'ny famoahana voka-pifidianana ofisialy</td></tr>
<tr><td>Fifanolanana ady heloka</td><td>Tsy misy fe-potoana</td><td>Ireo lehiben'ny Fitsarana misahana ny fifidianana<br>Ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana<br>Ireo manam-pahefana ara-panjakana hafa<br>Ny fampanoavana any amin'ny TPI;<br>Izay olona manana tombontsoa hitory</td><td>TPI</td><td>Famaizana ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fifidianana</td></tr>
</table>

Fàfana 2 : Karazana fifandirana

## Annexe 3 : MODELY TARATASY FAMAKIANA ADY

### MOMBA NY MPANGATAKA

Daty :
Anarana :
Fanampiny:
Kandidà na solontenan'ny kandidà
Ao amin'ny fari-piadidin'ny………
Adiresy (na fokontany) ho an'ny toerana lavitra

Toerana, daty

Ho an'Andriamatoa/na Ramatoa Filohan' ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana ……………….

ANTONY (ny fangatahana) :

- fanafoanana tanterakana amin'ny ampahany ireo vato azon'ny kandidà iray,
- fanafoanana ny vokatra ao anaty birao-pifidianana na fari-pifidianana iray,
- handidiana ny hamerenana ny fifidiananavaovao

Andriamatoa/ RamatoaFiloha,

Voninahitra ho ahy voalaza anarana etsy ambony no manao izao fitoriana izao,

- Filazàna ireo zava-nitranga,
- Filazàna ireo tsy fanarahan-dalàna toherina sy ireo tohan-kevitra,
- Ny antom-pangatahana : fanafoanana manontolo na amin'ny ampahany ireo vato azon'ny kandidà iray, fanafoanana ny vokatra ao anaty biraom-pifidiananana fari-pifidianana iray, ny handidiana ny hamerenana ny fifidianana vaovao

Anaranasy fanampiny

Sonia (nympangatakananysolontenany)

# TOVANA 4: MODELY FANGATAHANA FANDRAVANA DIDY

## MOMBA NY MPANGATAKA

Daty :

Anarana :

Fanampiny:

Asaatao:

Fonenana :

Toerana, daty

Ho an'Andriamatoa Filohan' ny Filankevimpanjakana Fitsarana Tampony Antananarivo

Antony: Fangatahana fandravanany didim-pitsarana laharana faha….navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana …..

Andriamatoa Filoha,

Voninahitra ho ahy voalaza anarana etsy ambony no manao izao fangatahana fandravana didim-pitsarana izao.

- Filazana ireo zava-nitranga

- Filazana ireo paikady efa natao sy ny vokatr'izany

- Ny anton'ny didim-pitsarana no kianina: filazana fa misy ny fandikan-dalàna :

  - Ny fampiharana tsy marina  na fandikana diso;
  - tsy fanarahana ireo fomba tsy maintsy atao mba tsy hahatonga fanafoanana;
  - ny tsy fisiana, ny tsy fahampiana na ny fifanoheran'ny antony;
  - ny tsy famaliana ny fehin-teny hitafototra  an-tsoratra.

Eo am-piandrasana ny didim-pitsarana feno fahendrena izay havoaka, raiso tompoko ny haja atolotro ho anao

Ny mpangataka

Anarana, sonia

## TOVANA 5 : FANDIKÀN-DALÀNA ARA-PIFIDIANANA SY SAZY

| FANDIKÀN-DALÀNA | SAZY |
|---|---|
| **Hosoka mikasika ny zo handatsa-bato** | |
| Fanoratana olona tsy tokony ho voasoratra anaty lisi-pifidianana | 2 hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina na/sy lamandy 400.000 hatramin'ny 4.000.000 Ar. |
| Fanovana na fikasana hanova ny lisi-pifidianana | Sazy 2 hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina na/sy lamandy 400.000 hatramin'ny 4.000.000 Ar.sy / na sazy tsy fahafahana milatsako-fidiana mandritra ny 2 na 5 taona |
| **Fandikàn-dalàna mikasika ny fampielezan-kevitra** | |
| Izay mpiasam-panjakana mandray anjara amin'ny fampielezan-kevitry ny kandidà iray na lisitry ny kandidà ao anatin'ny fanatontosana ny asany | lamandy 2.000.000Ar ka hatramin'ny 5.000.000 Ar<br>Sazy 2 hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina |
| Fampiasana loharanombolam-panjakana na tombontsoan'ny tanjaky ny vahoaka amin'ny fampielezan-kevitra | Sazy araka ny and168 hatramin'ny 171 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana |
| Ny fanalam-baraka an-kabary na tamin'ny horakoraka nodradradradraina nandritra ny fotoana nanaovana fampielezan-kevitra, na tamin'ny alalan'ny soratsoratra, sary an-taratsy na sary nozaraina nandritra ny fotoana nanaovana ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana, na amin'ny alalan'ny fomba hafa sy akalana nomerika | lamandy 2.000.000Ar ka hatramin'ny 5.000.000 Ar |
| Fanimbana na fandrodanana manontolo na amin'ny ampahany amin'ireo takelaka fanaovana petadrindrina ara-pifidianana | Lamandy 1 000 000 ar hatramin'ny 10 000 000 ar sy sazy 1 volana hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina |

| Fandikàn-dalàna manakana ny fahafahana mifidy sy ny fahamarinan'ny latsa-bato | |
|---|---|
| Fihantsiana ady sy fanakorontanana ny filaminam-bahoaka | Sazy voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paikady famaizana |
| Fanompana sy fitenenan-dratsy manam-pahefana sy andrim-panjakana malagasy | Enina hatramin'ny telo volana miampy lamandy Ar.2.000.000 hatramin'ny Ar.10.000.000 |
| Fanambaràna ampahibemaso indray andro mialoha sy amin'ny androm-pifidianana | Lamandy Ar.2.000.000 hatramin'ny Ar.5.000.000 |
| Fanapariahana voka-pifidianana sy vokatry ny fanangonan-kevitra | Lamandy Ar.2.000.000 hatramin'ny Ar.5.000.000. |
| Fakàna an-keriny na fanodinkodinana fitaovana ampiasaina amin'ny fifidianana | Sazy 2 hatramin'ny 6 taona an-tranomaizina sy lamandy.1.000.000 hatramin'ny Ar.10.000.000 na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany<br>Raha mitàm-piadiana<br>Sazy : sazy dimy hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina sy lamandy Ar.2.000.000 hatramin'ny Ar.20.000.000 mihamafy kokoa araka ny voalazan'ny làlana |

| Fandikàn-dalàna manakana ny fahafahana mifidy sy ny fahamarinan'ny latsa-bato | |
|---|---|
| Fanimbàna ny fahamarinana, ny tsiambaratelo ary ny raharaha mifandraika amin'ny latsabato<br>Fanaovana na fanadinoana paika arahina na dia ivelan'ny biraom-pifidianana aza<br>Fanimbàna na fikasàna hanimba ny fahamarinan'ny latsabato<br>Fandikàna na fikasàna hanimba ny tsiambaratelon'ny latsabato<br>Fanakanana na fikasàna hanakana ny latsabato<br>Fanakanana ny fizotry ny raharaham-pifidianana<br>Fanovàna na fikasàna hanova ny voka-pifidianana | Herintaona hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina sy lamandy 600 000 hatramin'ny Ar.6 000.000<br>Tahaka izany ihany koa ny mihatra amin'ny mpikambana amin'ny biraom-pifidianana mandika ny andininy 165 hatramin'ny 184 ao amin'ny lalàna fehizoro. |
| Faneriterena, fanaparam-pahefana | 5 na 10 taona an-tranomaizina sy lamandy Ar.2.000.000 hatramin'ny Ar.20.000.000 mihamafy araka ny voalazan'ny lalàna. |
| Fanakanana ny fisitrahana ny zo amin'ny maha olom-pirenena | Enim-bolana hatramin'ny 2 taona an-trnomaizina miampy fanalana tsy ho mpifidy sy ho afaka hofidiana mandritra ny 5 taona ka hatramin'ny 10 taona |
| Varotra na fividianana vato | Lamandy mitovy na indroa amin'ny tombambidin'ny zavatra noraisina na nampanantenaina<br>Fanalàna ny zo amin'ny maha olom-pirenena sy tsy fahafahana manao asam-panjakana ary asan'olom-boafidy manditra ny 5 taona hatramin'ny 10 taona |

Fàfana 3: Fandikàn-dalàna ara-pifidianana sy sazy

## Tovana 6 : TENY SAROTRA

| Français | Malagasy | Explications |
| --- | --- | --- |
| Influence déterminante | Toe-javatra mitarika ny fiovan'ny safidim-bahoaka sy ny latsabato | Anisan'ireo singa jeren'ny mpitsara mialohan'ny hanitsiana na hanafoanana ny voka-pifidianana |
| Sincérité du scrutin | Fahamarinan'ny latsabato | Ny fahamarinan'ny latsabato dia midika fa mifanaraka amin'ny safidin'ny vahoaka tokoa ny voka-pifidianana |
| Quotient électoral | Valin'ny fizaran-toerana ara-pifidianana | Valin'ny fizarana ny vato manan-kery amin'ny isan'ny toerana |
| **Moyens** | Tohan-kevitra | Ireo fanazavana aroson'ny mpitory hanohanany ny fangatahany |
| **Conclusions** | Antom-pangatahana | Izay angatahan'ny mpitory manoloana ny fitsarana |
| Pourvoi en cassation | Fangatahana fandravana didim-pitsarana | Paikady natao hanoherana ny didim-pitsarana navoakan'ny TA |
| Délai de distance | fe-potoana ampitomboina arakaraky ny halavirana | Fe-potoana fanampiny omena ny mpitory arakaraky ny halaviran-toerana |
| Dénonciation | Fitorohana | Filazana ny fisiana tsy fanarahan-dalàna ara-keloka |
| Requête | Taratasy famakiana ady | Taratasy misy antom-pangatahana sy tohan-kevitra hanohanana izany |
| Requête collective | Taratasy famakian'ady iombonana | Taratasy famakiana ady ataon'ny olona maromaro |
| Formalités régularisables | Fepetra azo arenina | Fepetra azo fenoina aorian'ny fametrahana ny taratasy famakiana ady |
| Documents électoraux | Antontan-taratasim-pifidianana | Ohatra : fitanana an-tsoratra, taratasy fanisam-bato, lisi-pifidianana, biletà tokana nampiasaina, Modely lf.4 sy lf.12 an'ny SRMV, sns… |
| Procédure | Paikady | Fitambaran'ireo fepetra sy dingana arahina manoloana ny fitsarana |
| Qualité pour agir | Fahazoana mitory | Sokajin'olona afaka mitory |

# TOVANA 7 : FOMBA FIFIDIANANA[11]

Ny Ben'ny tanàna dia voafidy amin'ny alalan'ny Fifidianana Andraisan'ny daholobe anjara mivantana, latsabato an'olon-tokana, fihodinana tokana. Voafidy izay mahazo isam-bato be indrindra.

Ny mpanolo-tsaina kaominaly dia voafidy amin'ny alalan'ny Fifidianana Andraisan'ny daholobe anjara mivantana, fifidianana lisitra, latsa-bato antsalan'isa, fihodinana tokana.

Toa izao ny kajy itsinjarana ny isan'ny seza azon'ireo lisitra tsirairay.

**Dingana voalohany** : kajiana ny „ valin'ny fizarana toerana ara-pifidianana na "Quotient électoral" (QE)

Ny QE dia ny isam-bato ilaina mba ahazoana seza iray. Toa izao ny fikajy azy: isan'ny vato manan-kery zaraina amin'ny isan'ny seza voafaritra.

Ohatra

Isan'ny toerana voafaritra: 5

Vato mana-kery: 1532

QE= 1532:5= 306,4

Isaky ny mahatratra ny isam-bato voatandron'ny QE ny lisitra iray dia mahazo toerana 1.

**Isan-toerana= isam-bato azo : QE**

**Ohatra:**

**Lisitra A = Isam-bato azo 935 : 306,4 = 3,05 ; toerana 3 amin'ny QE, ambina isa 0,05**

**Lisitra B = Isam-bato azo 302 : 306,4 = 0,98 ; toerana 0 amin'ny QE, ambina isa 0,98**

**Lisitra D = Isam-bato azo 295 : 306,4 = 0,96 ; toerana 0 amin'ny QE, ambina isa 0,96**

**Dingana faharoa : fizarana ny toerana sisa tavela miisa roa.**

**Toerana azo avy amin'ny ambina isa :**

**Lisitra A : 0,05 = toerana 0**

**Lisitra B : 0,98 = toerana 1 (ambiny betsaka)**

**Lisitra D : 0,96 = toerana 1 (ambiny betsaka)**

**<u>Famintinana :</u>**

**Lisitra A nahazo toerana 3**

**Lisitra B nahazo toerana 1**

**Lisitra D nahazo toerana 1**

**Totaliny : 5**

*Loharano CNRS*



[11] *Andininy 306 vaovao L2014-020. Andininy faha-2, Didim-panjakana 2019-1541*

## Tovana 8 Ireo fitsipika ankapobe mifehy ny fampielezan-kevitra

### FITOVIAN'NY FOMBA ITONDRANA NY KANDIDA

- Fialana amin'ny asa ananam-pahefana manomboka amin'ny famoahana ny lisitra ofisialin'ireo mpilatsaka hofidiana
- Tsy fitanilan'ireo lehiben'andrim-panjakana, ny manam-pahefana sy ny mpiasam-panjakana
- Fitoviana amin'ny fahazoana mampiasa ny haino aman-jerim-panjakana
- Fitovian'ny velaran'ny takelaka ofisialy ampiasaina

### TSY FIANDANIAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA SY TSY FITANILAN'NY SAMPAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA

- Tsy fahazoan'izy ireo manao fampielezan-kevitra
- Adidy hitandrina ny fomba anehoan-kevitra ampahibemaso ( devoir de réserve)
- Tsy fahazoana mampiasa fahefana na fitaovam-panjakana mba hanohanana kandidà iray

### FITANDROANA NY FILAMINAM_BAHOAKA

- Tsy fahazoana manao kabary manohintohina ny Firaisam-pirenena, mandrangitra fifankahalana, manoso-potaka kandida iray na manala baraka ny andrim-panjakana
- Fanajàna ny kandidà rehetra sy ny mpifidy, tsy mikasi-tanana na mamono;
- Fanajàna ny soatoavina malagasy

Ny Ivotoerana SAFIDY sy ny ANJA no hany tompon'andraikitra feno amin'ny votoatin'izao famokarana izao, ary tsy azo itarafana velively ny fomba fijerin'ny vondrona Eropeana.

ROHY
Rindran'ny Olompirenena Hiarovana ny Iaraha-manana

Contacts et informations
Tél. : 034 44 019 16 - 034 29 081 89
E-mail : rohymadagasikara@gmail.com
Web : www.rohymadagasikara.org/category/fiera/safidy/

Ce projet est financé par L'Union Européenne